# MADAGASIKARA

Ambaran’ny Lalàm-panorenana fa malalaka ny finoana, ary misy ireo lalàna sy politika manamafy orina ny fahalalahana eo amin’ny fanehoana ny finoana.

Tamin’ny ankapobeny dia nanaja ny fahalalahana ara-pinoana ny Fitondrana teo amin’ny zava-nitranga andavanandro. Tsy nisy niova ny momba ny fanajan’ny Fitondrana ny fahalalahana ara-pinoana hatramin'ny namoahana ny tatitra farany.

Nisy tatitra vitsivitsy mikasika fanararaotana na fanavakavahana teo anivon’ny fiaraha-monina noho ny antokom-pivavahana, finoana na fomba fanao ara-pivavahan’ny olona iray.

Talohan’ny fanonganam-panjakana tamin’ny volana Martsa 2009 dia nifampidinika momba ny fahalalahana ara-pinoana amin’ny Fitondrana Malagasy ny Fitondrana Amerikana, ao anatin’ny politika ankapobeny arahiny ho fampandrosoana ny zon’olombelona. Saingy taorian’izany fanonganam-panjakana izany dia zara raha nifampikasoka tamin’ny fitondrana Malagasy ny fitondrana Amerikana.

## Fizarana I. Fitsinjarana ara-pinoan'ny mponina

Mirefy 587.040 kilometatra tora-droa i Madagasikara ary ahitana mponina miisa 20,6 tapitrisa eo ho eo. Na dia tsy misy antontanisa ofisialy aza, dia azo ambara fa mahatratra manodidina ny antsasaky ny mponina ny isan’ny Kristiana. Misy efatra ireo antokom-pinoana Kristiana tena misongadina: Katolika Romana, Fiangonan’i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM, fiangonana protestanta manaraka ny fanavaozam-pinoana), Loterana, Anglikana ary ny Vavolombelon’i Jehovah. Misy ireo mponina vitsy an’isa saingy manan-danja mbola manaraka ny finoana nentim-paharazana.

Mahatratra 10 hatramin’ny 15 isan-jaton’ny mponina ny isan’ny mpino Silamo, ka any amin’ny faritra avaratra, avaratra andrefana ary atsimo andrefan’ny nosy no tena ahitana ny maro amin’izy ireo. Indiana sy Pakistanais zanatany sy mpila ravinahitra izay tonga nifindra monina nandritra ny ny taon-jato lasa teo no maro an’isa indrindra amin’ny Silamo eto amin’ny nosy, ankoatr’ireo Hindous vitsy.

## Fizarana II. Momba ny Fahalalahana ara-pinoana

Rafitra ara-dalàna/politika

Ambaran'ny Lalàm-panorenana fa malalaka ny finoana, ary misy ireo lalàna sy politika manamafy orina ny fahalalahana eo amin'ny fanehoana ny finoana. Arovan'ny lalàna amin'ny endriny rehetra izany fahalalahana izany tsy hiharan'ny fanararaotana, na ny Fitondrana no mety hanao izany na olon-tsotra.

Nisy ny fitsapan-kevi-bahoaka momba ny Lalàm-panorenana tamin'ny volana Aprily 2007 izay nanafoana ny fampisarahana mazava ny fiangonana sy ny fitondrana, saingy tsy nihena na izany aza ny fiarovan'ny lalàna ny fahalalahana ara-pinoana. Ny toeran'ny Filoha teo aloha Ravalomanana ho Filoha Lefitra laika ho an'ny FJKM dia nitarika fiahiahiana azy ho miandany manokana ary nisy adihevitra nipoitra hatrany isaky ny nambarany ny faniriany hanova an'i Madagasikara ho "firenena Kristiana". Taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009 dia nanahy ny mpino Protestanta fa hiharan'ny valifaty miharo herisetra ny fiangonana FJKM.

Neken'ny fitondrana ho andro tsy iasana manerana ny firenena ireto fetim-pinoana manaraka ireto: Paska, Fiakarana, Pentekosta, Fampiakarana an'i Maria, Andron'ny olo-masina ary ny Noely.

Araka ny lalàna dia mila misoratra anarana any amin'ny Ministeran'ny Atitany ny fikambanana ara-pinoana. Izay fikambanana mahatontosa izany fepetra takian'ny lalàna izany no mahazo mandray fanomezana amin'ny endriny isan-karazany. Tsy azon'ny fikambanana tsotra atao ny mandray fanomezana toa izany. Ny fikambanana ara-pinoana dia ny vondrona manana mpikambana miisa 100 farafahakeliny, manana filan-kevi-pitantanana ahitana mpikambana voafidy miisa 9 farafahakeliny, izay samy mizaka ny zom-pirenena Malagasy. Raha ahitana teratany vahiny ny mpitarika na mpikambana ao amin'ny vondrona iray, dia azon'izy ireo atao ny manangana "fikambanana heverin'ny lalàna ho vahiny." Rehefa mihoatra ny 1.000 ny isan'ny mpikambana ao amin'ny fikambanana, dia afaka mangataka ny hijoro ara-panjakana ny filan-kevi-pitantanana.

Izay fikambanana ara-pinoana tsy mahafeno ny fitsipiky ny Ministeran'ny Atitany ho an'ny fanoratana anarana dia afaka misoratra anarana ho fikambanana tsotra, saingy tsy manan-jo izy ny handray fanomezana na hanao fotoam-pivavahana, fa dia manao asa sosialy fotsiny. Izay vondrona toy izany ka manao zavatra mihoatra ny azony atao dia mandika lalàna ary azo enjehina araka ny lalàna, na dia mahalana aza ny tranga toy izany. Araka ny tombatomban'ny tompon'andraikitry ny Ministera tamin'ny taona 2008 dia fikambanana ara-pinoana maherin'ny 1.000 teto amin'ny firenena no tsy

nisoratra anarana ara-panjakana, ka samy hita tao na ny fikambanana tsotra na ny fikambanana tsy misoratra anarana.

Faneriterena ny fahalalahana ara-pinoana

Tamin'ny ankapobeny dia najain'ny Fitondrana ny fahalalahana ara-pinoana teo amin'ny zava-nitranga andavananadro. Tsy nisy fiovana momba ny fanajan'ny Fitondrana ny fahalalahana ara-pinoana hatramin'ny nivoahan'ny tatitra farany.

Ny volana Aprily 2009, dia nahazo alalana tamin'ny fitondrana iroe mpitarika ny Fiangonana Protestanta Vaovao eto Madagasikara, fantatra taloha tamin'ny fanafohezan-teny FPVM, hanokatra indray ity fiangonana ity, izay nakatona tamin'ny taona 2005. Talohan'izao fanomezana alàlana izao, izany hoe tamin'ny taona 2007, dia nanome alàlana hanovana ny rafitry ny FPVM ny Fitondrana, ka samy novaina ny anarany sy ny mpitantana azy. Tsy mbola nahazo alàlana hisokatra kosa ny Fiangonana Maneran-tany ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra (EURD), izay nakatona noho ny fihoarany fefy tamin'ny taona 2005.

Nisy ireo mpitarika Silamo nihevitra fa noho ireo lalàna sy fitsipika isan-karazany momba ny fizakana ny zom-pirenena, dia maherin'ny 5 isan-jaton'ny Silamo no tsy mizaka ny zom-pirenena Malagasy, na dia teraka teto amin'ny nosy sy manana fianakaviana nonina teto hatramin'ny taranaka maro aza. Noho ny tsy fizakan'izy ireo ny zom-pirenena dia tsy manan-jo hifidy izy ireo ary tsy mahazo tombontsoa sasantsasany azon'ny mponina hafa. Indraindray aza, hoy ny Silamo sasany, raha vao toy ny anarana silamo no fandrenesana ny anaran'ny olona iray dia mety hihemotra hatramin'ny fotoana tsy voafaritra ny taratasy fangatahan'izay hizaka zom-pirenena. Misy koa ireo mihevitra fa noho ny fahasamihafana ara-pihaviana /ara-pinoana dia mazana izy ireo no tsy mba mahazo tombontsoa amin'ny lahasa sasantsasany atolotry ny fanjakana fitondrana, na fanohanana ara-bola samihafa.

Fanitsakitsahana ny fahalalahana ara-pinoana

Ny 17 Martsa 2009, dia nisy miaramila -- anisan'ireo nanora-tena ho mpitondra tetezamita taty aoriana -- nampijaly, nanitsakitsaka ny zo ary nitazona nandritra ny fotoana fohy ny Filohan'ny FJKM, ny Pastora Lala Rasendrahasina. Nambaran'ny maro fa ny maha-akaikin'ny Filoha Ravalomanana azy nandritra ny nitrangan'ny fanonganam-panjakana no nikendren'ny sasany azy, fa tsy noho ny antony ara-pinoana akory. Tsy nanameloka izany zava-nisy izany ny fitondrana vaovao, ary tsy nisy olona nenjehina araka ny lalàna satria nahiahiana ho nahavanona izany.

Fanerena hiova finoana

Tsy nisy tatitra nilaza fanerena olona hiova finoana, ary tsy nisy koa teratany Amerikana tsy ampy taona nalaina an-keriny na navoaka an-tsokosoko tany Etazonia na tsy navela hody any Etazonia.

Fizarana III.  Momba ny fanajana ny fahalalahana ara-pinoana eo anivon'ny fiaraha-monina

Nisy tatitra vitsivitsy momba ny fanitsakitsahan-jo na fanavakavahana olona noho ny antokom-pinoany, finoany arahany na ny fomba fiainany izany finoany izany.  Mihevitra ny Silamo sasany fa iharan'ny fiangarana izy ireo any amin'ny sekoly, hopitaly, orinasa tsy miankina na toeram-piasana sasany.

Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny mponina andavanandro ireo fiangonana Kristiana efatra tena misongadina, na dia somary nihen-danja aza ny andraikitra noraisiny teo amin'ny sehatra politika tato anatin'ny taona vitsivitsy.  Ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara, izay notarihin'ny Arseveka Katolika, dia nijoro ho mpanelanelana tany am-piandohan'ny disadisa tamin'ny taona 2009, saingy niala tanteraka tamin'izany andraikitra izany izy taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009.  Samy niezaka ny mpitarika ny FJKM (akaiky ny fitondrana teo aloha notarihin'Atoa Marc Ravalomanana) sy ny Fiangonana Katolika (akaiky ny fitondrana ankehitriny entin'i Andry Rajoelina) mba tsy hitsabaka loatra amin'ilay adilahy politika.  Simba tanteraka anefa ny fiheverana azy roa ireo (indrindra fa ny Fiangonana Katolika) ho mpandray anjara tsy miandany na amin'ny atsy na ny aroa, noho ny fahatsapana fa mitanila be ihany ny hetsika nataon'izy ireo nandritra izany disadisa politika izany.

Fizarana IV.  Politikan'ny Fitondrana Amerikana

Talohan'ny fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009 dia nifampidinika momba ny fahalalahana ara-pinoana tamin'ny Fitondrana Malagasy ny Fitondrana Amerikana; izany dia tafiditra ao anatin'ny politika ankapobeny arahiny ho fampandrosoana ny zon'olombelona. Saingy taorian'izany fanonganam-panjakana izany dia zara raha nifampikasoka tamin'ny fitondrana Malagasy ny fitondrana Amerikana.

Nomelohin'ny Masoivoho Amerikana ampahibemaso ny fisamborana sy fanitsakitsahana ny zon'ny Pastora Rasendrahasina tamin'ny volana Martsa 2009.